

# Jesoa Velona Ao Amin'i Maria

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information - Association Marie Reine des Coeurs

I ♥  
Teny Malagasy



i p. Angelo Sorti, i P. Mario Belotti (Provincial), Mariane, Mgr Henrik Hoser, i P. Giovanni M. Personeni & i P. Nikola Tandara

*Mariane* no anarako, vehivavy efa nahavita fanoloran-tena sy nanonona voady tao amin'ny ivontoerana nivoy ny aim-panahy montfortanina ao Trinitapoli Italy.

Tamin'ny alalan'i  
**Mariane Magalhães de Souza**,  
misiôna ao Medjugorje

MISSION

## Ilay voa mitsimoka ao Medjugorje

Nanomboka tamin'ny taona 2017, niaraka tamin'ireo olona efa nahavita fanoloran-tena tao amin'ny Fikambanana, mikarakara ny trano ny Fikambanana ao Medjugorje ao Bosnie-Herzégovine izahay... >> **p. 7**



No. 32  
Desambra 2020

# «Mifaly ao amin'Andriamanitra Ny Fanahiko»

Fanazavana  
ara-baiboly



13 DESAMBRA 2020; Alahady fahatelo amin'ny Fiavina  
ALAHADIN'NY HAFALIANA — Taona B

Avy amin'i Pierrette MAIGNÉ

**TONONKIRA** (Lk 1, 46b-48, 49-50, 53-54)  
R/ *Mifaly ao amin'Andriamanitra ny Fanahiko.*

Mankalaza ny Tompo ny fanahiko,  
Mifaly amin'Andriamanitra Mpamonjy ahy ny fanahiko!  
Notsinjo viny ny fanetren-tenan'ny ankizivaviny;  
Manomboka izao dia hantsoin'ny taranaka rehetra hoe sambatra aho.

Nanao zavatra lehibe tamiko Ilay Mahefa ;  
Masina ny Anarany !  
Hatramin'ny taranaka fara-mandimby ny  
Famindram-pony  
Amin'izay rehetra matahotra Azy.

Mameno zava-tsoa an'ireo noana Izy,  
Mampody an-tanam-polo an'ireo mpanana.  
Manangana an'Israely mpanompony Izy,  
Tsaroany ny fitiavany

Amin'izao vanim-potoanan'ny Fiaviana izao, ny Litorjia amin'ny Alahady fahatelo dia manolotra ho antsika ny tononkiran'i Maria fa tsy ny Salamo.


Ndao hiditra lalindalina kokoa amin'ity lahatsoratra fantatry ny maro ity isika saingy mety tsy fantatsika loatra ny harena ao anatin'ny.

Nihira ity hira ity i Maria nandritra ny fitsidihany an'i Elizabeta rahavaviny ho valin'ny fahasoavana izay nambara taminy: "nosoavina nohon'ny vehivavy rehetra ianao, nosoavina ihany koa Ilay hateraky ny kibonao".

Naneho ny fahagagany i Maria manoloana ny asam-pamonjena sy ny finoany an'ireo teny rehetra nolazain'ny razambeny ary hitantsika izany ao anatin'ireo salamo. Mamelombelona ny vavaka ataony ary miseho izany amin'ny alalan'ireo teniny izay voalaza ao amin'ny Baiboly ary miverimberina mandritra ny taona maro. Voasoratra ao amin'ny tantaram-pamonjena i Maria sy ny nanjo an'i Ana razambeny (jereo. 1Samoa.2, 1-10) avelany hiseho ny hafaliany. Hitantsika ny akon'izany amin'ny vakiteny voalohany (Izaia. 61, 10-11).

Fa maninona ihany koa isika no tsy hisaotra ny Tompo, ary avelao hiseho ny hafaliantsika: **"ry rahalahy, mifalia mandrakariva", hoy Masindahy Paoly amin'ity Alahady ity. Ny fambolena fifaliana amin'izao fotoana manjombona izao dia tena ilaina tokoa mba hitazomana ny maso rehetra hibanjina an'Andriamanitra amin'ny asany ankehitriny izay toy ny omaly ary ho mandrakizay.**

Nitodika mandrakariva tamin'Andriamanitra sy tamin'ny Asany i Maria: "ny Famindram-pony dia mihatra amin'ny taona mifandimby amin'ireo izay matahotra Azy", Eny Andriamanitra dia mahatoky amin'ny Teniny ary manatanteraka ny fampanantenany: **"satria tsara ny Tompo ary mandrakizay ny Fitiavany, maharitra amin'ny taona maro mifandimby ny fahatokiany". (Salamo 99,5).**



Nambaran'i Maria fa ny asan'Andriamanitra dia asan'ny fanafahana ary ny fitsimbina'Andriamanitra dia natao ho an'ireo madinika.

Ireo madinika izay mahafantatra fa tsy afaka hiantehitra amin'ny heriny, ny sainy, ny fahefany ary miaina izany fahatokisan-tena izany eo am-pelantanan'Andriamanitra.



Hatramin'ny nanafahana an'i Ejipta, "asan'Andriamanitra" faran'izay tsara, dia fantatr'i Israely fa Andriamanitra no Mpamonjy ny olony ary isaky ny manadino izany izy ireo na eo aza ny fampatsiahivan'ireo Mpaminany dia fantany ny vokany mampidi-doza.

Anjarantsika amin'izao ankehitriny izao ny mihira ny tononkiran'i Maria: Satria mandrakizay ny Fitiavany.  
Enga anie I Maria hanomana ny fonsika handray ny "Mpamonjy". ■

# Kristy no ivo

Avy amin'i  
Dola Dhanush

Manana tanjona ny fiainantsika Kristiana. Ny ivon'ity tanjom-piainana ity dia i Jesoa Kristy. **Ny fiainam-panahy Montfortana dia manana endrika mifototra amin'I Kristy.** Montfort dia manambara an'i Kristy ho ivo amin'ireto teny ireto: “manatratra an'i Jesoa Lavorary, mitia fatratra Azy ary manompo Azy am-pitokiana” (VD62). Na ihany koa: “Mikatsaka ny fahalavorariana izay tsy azo raha tsy ao amin'ny fiombonana amin'I Jesoa (VD78). Na amin'ny andalana hafa, hoy izy: “Mba ho mendrika, miombona ary manamasin-tena ao amin'I Jesoa (VD120). Marina mandrakariva Izy: “katsaho ny fiombonana amin'i Jesoa, izay fiarafantsika (VD117)”, “manatratra ny fiombonana amin'Izy Tompo” (VD152) na “mankao amin'i Jesoa Kristy ary mahazo ny fahamasinana amin'ny fiombonana Aminy” (VD159).

Araka ny hitantsika, ity tanjona ity dia voafaritra amin'ireto teny ireto: **manatratra, mitady, mahazo..., ny fahalavorariana, ny fiombonana, ny fanarahan-dia, ny fanokanan-tena, ny fahamasinana.** Tsy zavatra saro-takarina izy ity, fa hazakazaka mankamin'ny Olona velona dia i Jesoa Kristy. Manantona Azy isika, mendrika hotiavina sy hotompoina Izy.





Noho izany, tsy ny tenantsika no ivom-pisiansika. **Kristy no ivo, manala ny fitiavan-tena Izy. Noho izany, raha te hanao an'I Kristy ho ivontsika isika dia tsy maintsy miendaka amin'ny tenantsika isika.** Ao amin'ny VD 127, milaza amintsika I Montfort fa mba hamenoantsika an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'I Maria, ao amin'ny Fanahy Masina, dia tsy maintsy endahantsika ny fomban'izao tontolo izao izay ao anatintsika, izay mazava ho azy fa tsy mitovy amin'ny fomban'I Kristy.

Mila manana fihetseham-po mifototra ao amin'I Jesoa Kristy, araka ny nolazain'I Masindahy Paoly hoe: "Manàna izao saina amam-po hita tao amin'ny Kristy Jesoa izao: na dia tao amin'ny fomban'Andriamanitra aza Izy, dia tsy nihevitra ny fitoviany saranga amin'Andriamanitra, fa nialany izany tamin'Izy naka ny fomban'ny mpanompo". (Fi 2, 5-7) ■

**Pape François,  
GAUDETE  
ET  
EXSULTATE,  
no. 14:**



«Pour être saint, il n'est pas nécessaire d'être évêque, prêtre, religieuse ou religieux. Bien des fois, nous sommes tentés de penser que la sainteté n'est réservée qu'à ceux qui ont la possibilité de prendre de la distance par rapport aux occupations ordinaires, afin de consacrer beaucoup de temps à la prière. Il n'en est pas ainsi. **Nous sommes tous appelés à être des saints en vivant avec amour et en offrant un témoignage personnel dans nos occupations quotidiennes, là où chacun se trouve.**

Es-tu une consacrée ou un consacré ? Sois saint en vivant avec joie ton engagement. Es-tu marié ? Sois saint en aimant et en prenant soin de ton époux ou de ton épouse, comme le Christ l'a fait avec l'Église. Es-tu un travailleur ? Sois saint en accomplissant honnêtement et avec compétence ton travail au service de tes frères. Es-tu père, mère, grand-père ou grand-mère ? Sois saint en enseignant avec patience aux enfants à suivre Jésus. As-tu de l'autorité ? Sois saint en luttant pour le bien commun et en renonçant à tes intérêts personnels». ■

# Ilay voa mitsimoka ao Medjugorje

Tamin'ny alalan'i  
Mariane Magalhães de Souza,  
misiôna ao Medjugorje



Mariane no anarako , vehivavy efa nahavita fanoloran-tena sy nanonona voady tao amin'ny ivon-toerana nivoy ny aim-panahy montfortanina ao Trinitapoli Italy.

Nanomboka tamin'ny taona 2017, niaraka tamin'ireo olona efa nahavita fanoloran-tena tao amin'ny Fikambanana , mikarakara ny trano ny Fikambanana ao Medjugorje ao Bosnie-Herzégovine izahay, izay ankehitriny tarihan'ny lehiben'ny Fikambanana, ivon-toerana nivoy ny aim-panahy montfortanina tantanin'ny lahika avy any Italy Pologne ary miara miasa akaiky amin'ireo misionera Montfortanina.

Aleo , ho tantaraiko aminareo hatramin'ny voalohany ...

« Tany ahitana  
maritiry betsaka ,  
betsaka ireo olon-  
tsotra izay namoy ny  
mba hitazomany ny  
finoana azony  
tamin'ny batemy.»

Medjugorje tanana kely lavitra i Bosnie-Herzégovine, faritra nitambatra tamin'i Yougoslavie teo aloha izay tsy nahazo ny fahaleovan-tenany raha tsy tamin'ny taona 1995. Ao amin'ity faitra ity , ny mponina ahitana ireo Croaty katolika, tena mpivavaka . Ny vavaka no tena ivon'ny andavanandro dry zareo isan'andro. Tany ahitana maritiry betsaka , betsaka ireo olon-tsotra izay namoy ny mba hitazomany ny finoana azony tamin'ny batemy.

« Tamin'ny taona 2018 , nandefan'i Monsera Henrik Hoser iraka apostolika tany ny Papa Fransoa, izay efa manana traikefa.»

Medjugorje lasa toerana fanaovana fivahinianana nanomboka ny taona 1981 izay nisehoan'i Maria Virjiny tamin'ny tanora 6 mianadahy. Teo betsaka ireo fisehoana izay nitranga tao Medjugorje, lasa ambanin-javatra izany manoloana ny ireo fahagagana fiovana sy famitranan-pihavanana tamin'Andriamanitra, miaraka amin'ny rahalahy sy ny Eglizy iray manontolo. Ireo tranga ireo dia narahain'ny mitondran'ny Eglizy akaiyandritra ny taon amaro. Tamin'ny taona 2018, nandefan'i Monsera Henrik Hoser iraka apostolika tany ny Papa Fransoa , izay efa manana traikefa . Arseveka Polonais izy, efa mpamita iraka taty Afrika nandritra ny ampahan-potoana betsaka tamin'ny fiainany, efa nanaraka ny fisehoanan'i Masina Maria tao Kibeho (Rwanda), ary namana i Md Jean Paul II izay tena fatra mpiaro ny maha zava-dehibe ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'ny tanan'I Masina Maria izay nampianarin'i Md Louis Marie avy any Montfort.





Nanomboka ny taona 1990, mikarakara fivahinianana Masina eto Medjugorje izahay. Tsapanay fa ny olona, rehefa manana andram-piainana lalipaka miaraka amin'Andriamanitra mandritra ny fotoana hifoazany ara-panahy, dia mila mandalina misy misy kokoa, mba hitombo kokoa ny fanomezan-pahasoavana ary hihatotra hatrany ny fiainany ny finoana .

Ho an'izay, ny fitiavam-bavaka manokana amin'ny Masina Maria natolotr'i Md Louis Marie de Montfort no tena valy mety indrindra mba hitomboana, miainga eto Medjugorje, ireo izay nanomboka nahatsiaro indray ny batemy noraisiny. Betsaka ny vondron'olona niomanana amin'ny fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'ny tanan'i Maria no teraka avy amin'ireo vondrona izay nanao fivahinianana Masina teto.

Marina fa ireo olona, rehefa avy nandray fanomezana tsara loatra toy izany, dia te hiverina indray any Medjugorje. Tsy ampy fotsiny ny famerenana fa te hiaina izany andran-piainana lalina, ao anaty fandinihan-tena sy vavaka mangina ary, manararoatra ireo fotoana ialana amin'ny fiainana andavanandro , mandalina ihany koa ny toe-tsaina mpanompon-pitiavana an'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria, ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Teo no teraka ny hevitra , na marimarina na filana tokantrano iray , toerana mahazatra , feno hafanana , ara-panahy sy akaiky anao, hiainana ny aim-panahy montfortanina mandritra ny fivahinianana. Tsy hoe toeran-pitsangatsanganana miaina anaty trano fandraisan-bahiny, fa fotoana iray mijanona vetivety ny andavan'andro mba hianarana miaina anaty vavaka, mandinika ao anaty fahanginana, ary mankafy ny hafalian'ireo zavatra tena tsotra indrindra.

« Ho an'izay, ny fitiavam-bavaka manokana amin'ny Masina Maria natolotr'i Md Louis Marie de Montfort no tena valy mety indrindra mba hitomboana, miainga eto Medjugorje, ireo izay nanomboka nahatsiaro indray ny batemy noraisiny.»



Manana fandriana 15 afaka mandray olona izahay ary nandritra ny efa-taona, mandray fianakaviana na vondron'olona kelikely voatokana amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria izahay, te hiaina andro vitsivitsy anatina rivotra miaina ny aim-panahy Montfortanina. Nanditra ny roa taona izay, efa nandray vondron'olona mitady fotoana hanaovana katesizy mba ho tonga ohatra ny tena fitiavam-bavaka amin' i Maria nanmpianaran'i Md Louis Marie avy any Montfort izay tena fantatra eto Medjugorje. Efa nampitomboanay koa ny ivon-toerana: ankoatry ny trano misy rihana roa dia manana efitrano roa hafa izahay handraisana fivoriana ary lasapely kely.

**Vavolombelon'ireo fahagagana betsaka izahay nataon'Izy Tompo tamin'ny alalan'i Maria: fanahy maro no tonga teto fotoana fohy talohan'ny hafatesany, no afaka niomana amin'ny fihaonany amin'ny Tompo,** betsaka koa ny fifamelana, tao ny konsiansa tonga teto feno tebiteby sy hatezerana no nody feno fiadanan-po. Tsy tambo isaina ireo endrika hazavana sy fanantenana ho any ity Eoropa latsaka anaty haizin'ny fahaverezan'ny finoana. Betsaka ny fo no tohina tamin'ny fitiavana, izay nanolon-tena mba hanorina ny fanjakan'i Jesoa eran'izao tontolo izao amin'ny alalan'i Maria, nahita hery hiaretana ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny rahalahiny.



Ny 02 Jolay 2020, ny ivon-toerana miaina ny aim-panahy Montfortanina «Totus Tuus» no natsangana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny alalan'ny didy navoakan'ny Supérieur Général des Missionnaires Montfortains ary ny 17 Oktobra 2020 izay nandry ny fitsidihan'ny Monsenera Hoser izay nitsondrano anay ary nanonona teny tsotra fa manan-danja betsaka ho anay. Ity tsodrano ity ho anay mpamita iraka: **« Ity toerana ity natao ho an'ny fahamasinanareo, ianareo koa nantsoina hiasa ho an'ny fahamasinana ny olona rehetra ; noho izany raiso ny tso-dranon'Andriamanitra... »**

Izahay rehetra, miaina ny iraka nampanaovina anay anatin'ny fahatsorana tanteraka, miaraka amin'ny anaty lalina sy fifantohana. Amin'izao fotoana izay ny maizina sy tahotra no manjaka, misy hazavana feno fanantenana, tara-pamindrafo tena matanjaka mampiratra ny fiainanay. Nandritra izay telo taona izay, nanomboly voa tsinapy izahay eto Medjugorje, androany mbola feno fihetsen-po izahay isaky ny mamafy voa: fihetsem-po hijery ilay voa nafafy mitsimoka.

**« Nandritra izay telo taona izay, nanomboly voa tsinapy izahay eto Medjugorje, androany mbola feno fihetsen-po izahay isaky ny mamafy voa: fihetsem-po hijery ilay voa nafafy mitsimoka. »**



Ireo tsimoka tokony hambolena ampitandrememana fatratra, araka ny fampianarana i Md Montfort:  
**« ....Ity fitiavam-bavaka toy ny voatsinapy izay resahin'ny Evanjely, izay, kely indrindra amin'ny voa rehetra, lasa hazo lehibe ary ny tahony lasa avoka hipetrahan'ireo voron'ny lanitra, izany hoe ireo voantso, eo izy no manorina ny akaniny ary mialoka amin'ny hafanana'ny masoandro ary miery amin'ny bibidia» (SM 70).**

Nohon'ny fitahian'Andriamanitra, ny fisianay teto misy heviny manokana, marika tian'ny lanitra ho an'ny iraka montfortanina Mitanisa sapile amin'ny fiteny efatra samihafa izahay alohan'ny lamesa; na tsy betsaka aza izahay, saingy firenena 5 samihafa, misolo tena ireo kontinanta 5 izay tonga eto mba hihaona amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria, ao amin'ny Fanahy Masina.

Eny, ny olona rehetra manerana ny tany mifanena amin'i Maria sy mifanena amin'i Jesoa eo antanany !Isika koa antsoina, tsy misy an-kanavaka, ho tonga fitaovana kely, hitondra ny tsirairay hahita ity hazo masondrian'ny fanoloran-tenaamin'i Jesoa amin'ny alalan'ny tanan'i Masina Maria mba hahatongany fanahy rehetra hahita ny famelombelona arapanahy sy lalana azo antoka amin'ny fanamasinana. ■



«Tonga fianakaviam-be montfortanina aho ankehitriny,  
tena sambatra ary midera an'Andriamanitra noho izany»

Avy amin'i Capucine LAFAYE  
(Cherbourg, Normandie - France)

**CAPUCINE LAFAYE** no anarako ary teraka ny 15 Jolay 1975 tao Fontainebleau. Noho ny dadako miaramila nifindra izahay ny taona 1977 nipetraka tany Orléans , tany ny andahiko Baptiste no teraka . Ary tamin'ny taona 1981 , nipetraka tao Compiègne izay nahaterahan'ny andahiko faharoa Alexis.

Vita batemy ny 28 Jolay 1980 aho tao amin'ny Fiangonana kely ao Baubigny izay toerana fanaovan'ny fianakavianay fialantsasatra isan-taona . Nifindra tany izahay ny 1986. Tsy mpino ny dadako na dia teo aza ny fitaizana ara-pinoana, ny reniko voataiza tamin'ny fivavahana fa nisintaka avy niverina tamin'Andriamanitra indray ny taona 1980 izay no nahatonga ahy natao betemy tamin'io taona rehefa feno 5 Taona aho.

Nisy fotoana nandeha nivavaka niaraka tamin'ny mamako aho ary nianatra katesizy vitsivitsy, nandray komonio voalohany sy fankaherezana aho, avy dia nanalavitra ny finoana satria tsy tena latsa-paka ny finoako.

Nianatra mahakasika ny psikolojia aho ary niasa teo anivon'ny zaza tao amin'ireny fitaizana zazakely ireny nandritra ny 4 taona, saingy tsy nahasambatra ahy ny asako, te hahita tontolo hafa aho. Nandeha tany Mexique aho ary nampianatra teny frantsay FLE tao amin'ny Oniversite Katolika De La Salle Mexico. Telo – efa- taona nanomboka narary aho , mahatsiaro reraka be, marary an-doha be ary fanina foana.Tsy nahita fanafody tany an-toerana ary tsy afaka niasa intsony, niverina taty Frantsa aho. Vao tonga tany amin'ny mamako aho ( efa nisaraka ny mamako dy dadako fony aho 17 taona) nentiny namonjy ireny vondron-bavaka samihafa ireny izay nivavahana ho an'ny fahasitranako. Notoroina hevitra aho hanatrika ireny fihaonana feno fiderana sy fahasitranana ireny.

Nandeha aho ,ary ny andro fahatelo, ny alahady 6 Mars 2011, niaina fiovana tanteraka aho rehefa avy nandray ny vatan'iKristyary nisy fahasitranana ara-batana sy anaty. Niova tanteraka ny fiainako teo, nahatsiaro sambatra aho, nifanena tamin'i Kristy, tsapako ny fitiavany ahy, nandray ny famindram-pony aho ary tiako tanteraka Izy. **Nanomboka teo, nitady hahafantatra an'Andriamanitra misimisy kokoa, amin'ny alalan'ny teniny, ny Fiangonany, fiainana ireo sakramenta matetika ary henoko ny antsony hanolorako tena ho ho Azy ao anatin'ny fiainana tokantena voatokana.**

Andro vitsivitsy tao aorina'izay, nahafantatra an'i Mb Terezy avy any Avila, tamin'ny alalan' ny soratra nosoratany, avy eo Md Jean de la Croix ary nieritreritra hiditra tao Karmela aho fa tsy nahita toerana tena tiako hijanonana.

Faran'ny volana Jolay 2011, nandeha tao St-Laurent-sur-Sèvre handray anjara tamin'ny fihaonana karismatika. Ny 1 Aogositra 2011, tao amin'ny basilika teo akaiky ny fasan'iMd Montfort aho, hitako ilay boky « Ny Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay » ary voasarika tamin'ilay boky aho toy ny nahita raki-tsarobidy. Tsapako avy hatrany ny fisian'iMasina Maria tato anatiko rehefa avy nandre ny Notre de Dame de la Salette. Nirotsaka ny ranomasoko tsy haiko hoe ahoana ary nahatsapa fahasambarana aho tao anaty fitoniana nandritra ny minitra vitsivitsy. Teo aloha tsy dia mivavaka loatra niaraka tamin'i Masina Maria aho, naleoko tonga dia mivantana tamin'ny Zanany, fa nanomboka teo, noho ny fahasoavana avy amin'i Ray avy any Montfort, tonga saina fa manana an'i Maria ho Reniko ary nanomboka nanakaiky Azy aho.

Nandritra ny taona maro , nanomboka tamin'ny fiovako hatramin'izao, manana Ray ampanahy izay mitantana ahy amin'ny fiainako aho ary manampy ahy hanaraka ny sitrapon'Andriamanitra. Nandeha tany Lourdes voalohany aho ny volana Oktobra 2011 hanaraka ny fivahinianana Masina momba ny Rozery avy eo tao Ars – La Salette Le Laus ny volana Jiona 2012. Ny volana Novambra 2012, tao Carmel i Maria Virijiny mampita irakam-ba hamantatra ny fikambanany sy hijery raha any no hiantson'ny Tompo ahy avy eo andro vitsivitsy tao Ars.

Tsapako nanomboka tamin'ny fiovako ny antso hivavaka ho an'ireo pretra ary ny fitantanan'Andriamanitra nitondra ahy tao amin'ny trano Sacerdotal Ars-sur-Formans, tanan'i Saint Curé d'Ars izay nijanonako iray taona sy tapany niara niaina ankohonam-piainana niaraka tamin'ny vehivavy 4 voatokana. Nanome fampianarana teny frantsay ho an'ire seminarista vahiny aho nandritra ny 10 andro.

Tena nahatsiaro fahasambarana aho tao Ars fa nampisehoan'ny Tompo izay andrasany amiko any amin'ny toeran-kafa aho, tiako hahafantatra azy misimisy kokoa amin'ny alalan'ny fianarana baiboly. Nandeha tany Studium de Notre-Dame de Vie, à Venasque aho nanaraka fiofanana taona iray mikasika ny fampitana ny finoana. Avy rehefa tsy nahita aleha sady tsy nanam-bola hanohizana fianarana dia niverina tany Cherbourg ary nitady asa. Nitaiza ankizy 3 aho nandritra ny volana maromaro naka azy ireo avy nianatra ary niezaka nampita ny finoana taminy araky ny fangatahan'ny Ray aman-dreniny.



Nanomboka nandray anjara tao amin'ny Paroasy Cherbourg aho, lasa katesista aho niaraka tamin'ny vondron'ankizy roa, indrao isan-kerinandro. Nanana andraikitra nitondra vondron'ankizy Misiona Tresianina izay hivorianay mba hivavaka ho an'ireo Pretra. Tao aorinan'ny fiverenako avy any du Studium de Notre-Dame de Vie, tsapako tao am-po ny faniriana lalina te hampafantatra an'Andriamanitra sy hampitia Azy indrindra amin'ny alalan'ny vavaka. Rehefa avy niresaka tamin'ny Pretra tompon-paritra aho, nanome soso-kevitra aho 3 hatramin'ny 5taona ary 5 taona hatramin'ny 7 taona hanao fihaonana isan-kerinandro mba hampianatra azy ireo vavaka mangina sy hampianatra azy hanokatra ny fony amin'Andriamanitra. Tena fotoampahasoavana izay handraisan'ireo ankizy ny fitiavan'Andriamanitra ary tsapa ny hasambaran' izy ireo isaky ny miverina ao izy.

Tsy niasa intsony aho ny taona 2017 ary nanome fampianarana maimaim-poana tamina sekoly Sainte Famille. Ny septambra 2018 no voaray hanome fampianarana ireo mpianatra hanomana BTS.

« Tsapako tao am-po ny faniriana lalina te hampafantatra an'Andriamanitra sy hampitia Azy indrindra amin'ny alalan'ny vavaka.»



Ny volana Jolay 2019, namonjy fihaonana katolika tao Monterfil, akaiky Montfort-sur-Meu. Nijanona aho ary namangy ny trano nahaterahan'i Mopera Montfort sy nivavaka tao Fianganana teo an-toerana. Nanana faniriana hijanona taona maromaro tao aho fa tsy afaka nanao izany. Rehefa vita ny fihaonana, nihaona tamina montfortanina iray aho ary nifampiresaka kely taminy hoe tsy haiko izay iandrasan'ny Tompo ahy. Niverina izy afaka adiny iray tao aorinan'ny Eokaristia, satria naharay tao ampony izy haka ahy, izy nahafantatra teo ary nampiditra ao amin'ny Fikambanana Companie de Marie. **Izy koa ary gaga rehefa nanontany ahy raha mahafantatra an'i Mopera Montfort, novaliako izy hoe Ny Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay no boky tiako indrindra aorinan'ny Baiboly.** Nifampiresaka momba ny Fianakaviana montfortanina izahay ary izay rehetra nolazainy mifanaraka amin'ny zavatra rehetra nandrasako sy tiako hiainako. Tao aorinan'ny fihaonanay nifanome laharana izahay ary nomeny laharana afahana mifandray amin'ny Monfortanina aho afahako manao fanoloran-tena sy hiditra ho mpikambana ao amin'ny Fikambanana.

Mopera Pierre Groperrin (smm) nampifandray ahy tamin'i Masera Chantal Rabier (FdLS) mba hanomana ny fanoloran-tenako amin'i Jesoa ilay Fahendrena Andriamanitra tonga nofo teo an-tanan'i Maria. Nandeha 3 andro tany St-Laurent-sur-Sèvre aho ny volana Janoary sy Febroary nanomjy fihaonana, avy eo nandray tamin'ny mailaka ireo fampianarana ary nifandray matetika tamin'i Masera Chantal rehefa tsy afaka nihaona izahay. Niverina tany farany aho ny 13 Septambra 2020 tao amin'ny lasapely Fondateurs à St-Laurent-sur-Sèvre nandritra ny Eokaristia izay notarihan'i Mopera Arrouet (smm).

Nifampiresaka tamin'i Pr Arnold Suhardi aho nampafantatra azy ny faniriako ho mpikambana ao l'Association Marie Reine des Cœurs sy hiaina ny mahampitovo voatokana ahy amin'ny maha laika montfortanina.

**Ankehitriny lasa fianakaviana Montfortanina aho ary sambatra aho sy midera an'Andriamanitra noho izany. ■**

« Nandeha 3 andro tany St-Laurent-sur-Sèvre aho ny volana Janoary sy Febroary nanomjy fihaonana, avy eo nandray tamin'ny mailaka ireo fampianarana ary nifandray matetika tamin'i Masera Chantal rehefa tsy afaka nihaona izahay.»



# L'ASSOCIATION «MARIE, REINE DES CŒURS»

Ao Danemark

Avy amin'i P. Stephen Holm, associé montfortain

*Ny Fikambanana taloha nantsoina hoe «Archconfraternité» - izay niorina tao Danemark tany amin'ny taona 1940 ary misionera montfortanina Mopera Joseph Mesters no nanorina azy – avy eo maty ho azy teny ilay fikambanana. Tamin'ny taona 1995, nanan-kevitra aho rehefa nahazo fankatoavana avy amin'ny Eveka teo sy Mopera jeneraly Bill Considine , naverina naorina indray ny fikambanana tao Danemark niaraka tamin'ny birao tao Slagels avy eo nanomboka ny taona 2011 tao Sorø.*







Isaky ny alatsinainy voalohan’ny volana, izay andro iraisan-pirenena ho an’ny vavaka montfortanina (cf. Montfortain Aujourd'hui n° 130.1 & 2) no andro hivorianay mpikambana 30 isan-bolana izay mipetraka eto Danemark. Mivory koa izahay ny 25 Martsa sy 8 desambra. **Ny alatsinainy voalohany volana May no ankalazany miaraka ny fetin’i Mopera Montfort sy Masera Marie-Louise de Jésus.**

Tsy ny mpikambana rehetra no miaraka mandray anjara isaky ny fihaonana noho ny elanelan-tany eo amin’ny samy mpikambana sy ny toerana hanaovana fivoriana. Ho an’ny hafa, efa mahatratra an-jatony kilometra ny elanelana, tsy lazaina intsony ireo mpikambana ao amin’ny nosy Féroé. Raha ao amin’ny «Maison Montfort» ao Sorø ny fivoriana izay toerana misy ny Ankohonan-piainana montfortanina, matetika manomboka amin’ny 5 ora ny fivorianay ao amin’ny lasapely.

Mandritra ny fivoriam-bavaka, misy foana ny fankalazana ny Eokaristia Masina arahin’ny vavaka. Ny Vavaka mivaivay nosoratan’i Mopera Montfort azahoana misionera ary ny sapile miaraka vavaka fanolorana andro. Aorinan’ny Eokaristia, miaraka misakafo izahay rehefa tsara ny andro eny an-jaridaina izahay no misakafo.

Na izany zany, misy tranga 2 iainanay, ny voalohany miha antitra izahay, ny faharoa efa tsy Mopera tompon-paritra intsony aho ( taloha niasa tamina paroasy danoasy mbola manaraka ny fomba montfortanina Slagelse-Kalundborg-Holbäk) noho izany tsy afaka mifandray amin’ny olona aho. Ireto ny afahana mifandray aminay [www.montfort.dk](http://www.montfort.dk) ahitana liens makany vidéo maromaro, site facebook «Montfortgruppen» vavolombelona ny fiainana montfortanina aty amin’ny faritra Avatra.

**Tsarovy lalandava ao amin’ny vavaka ataonareo izahay. ■**

MIRARY FETIN'NY NOELY 2020 SAMBATRA  
& MIRARY TAOM-BAOVAO 2021 SAMBATRA



*Un Dieu, pour sauver les hommes,  
Trouve un merveilleux secret:  
Il devient ce que nous sommes,  
En nous faisant devenir ce qu'il est.*

**Montfort,  
Tononkira 64,1-2**

*Ce Seigneur très haut s'abaisse  
Pour nous élever aux cieux,  
Il vient dans notre bassesse  
Pour nous donner son être glorieux.*

# NY FANOLORAN-TENA AMIN'NY FITONDRAN'ANDRIAMANITRA

22<sup>e</sup> CANTIQUE

Tononkiran'i  
Mompèra  
avy any Montfort



1. IGAGAONTSIKA ny Fitondran'Andriamanitra  
Izay mitondra ny zava-drehetra amin'ny tanjony,  
Ilay fahamalinana fara-tampony  
Sy ilay filaharany maha mpanjaka  
Izay mahafantatra sy mandamina ary mandahatra  
Am-paherezana sy an-kalemèna  
Ny zava-drehetra hatramin'ny kely indrindra,  
Tsy am-piovaovana na kely aza.

2. Mampahafantatra azy izao tontolo izao  
Amin'ny fotoana sy toerana rehetra,  
Ny tany manontolo dia henika  
Ny fiamboniany mahatalanjona :  
Ireo fizaran-taona izay mifandimby,  
Ireo lanitra izay mihodina hatrany,  
Ireo zava-manan'aina izay mifanampy  
Sy mifanome tàmàna mifamonjy.

3. Ny nenin'ny konsiansy,  
Ny famaizana noho ny fahotana  
Izay tsy nisy nahalala akory  
Sy noheverina ho niafina indrindra ;  
Ary ny zava-manan'aina rehetra  
Milaza amintsika, na tsy am-pitenenana aza :  
Mitantana ahy Andriamanitra, manome toky ahy  
Andriamanitra,  
Ato amiko mandrakariva Andriamanitra.

4. Ity fahendrena midadasika  
Amin'ny tendrony iray hatreny amin'ny tendrony iray,  
Amin'ny pi-maso iray, amin'ny toerana azo hitazanana iray  
Dia mahafantatra sy mandamina ny zava-drehetra.  
Mandahatra izy sy mandravona,  
Kanefa ao anatin'ny filaharany tena tsara,  
Nanomboka teo amin'ny arkanjely voalohany  
Hatrany amin'ny kakan-tany madinika indrindra.

5. Miahny ny zavatra tsirairay izy  
Ary ny adala tsy mihevitra izany akory :  
Raha tsy misy azy, na ravina iray aza  
Tsy mety hilatsaka ambany.  
Mandahatra ny kotroka izy  
Ny rivotra sy ny eny amin'ny habakabaka eny,  
Ary ny vovoka ety an-tany,  
Sy ny tafio-drivotra eny an-dranomasina.

6. Mahafantatra ny fahoriantika Andriamanitra,  
Mahalala izay ilaintsika izy,  
Ary noho izy Raintsika,  
Dia mitandrina fatratra antsika Izy;  
Ampiarahany fahefana lehibe  
Ny finiavany feno fitiavana,  
Aoka ary isika hametraka ny fanantenantsika  
Ao amin'ny hatsarampony lehibe.

7. Fa fanantenana feno  
Amin'ny fitiavany maha Ray Azy,  
Satria iriany isika hanantena amin'izany  
Ny harena na dia ny haren'ny nofo aza,  
Ireo haren'ny natiora rehetra  
Izay ampiasaintsika isan'andro,  
Ny fitafy sy ny sakafo  
Sy ireo vonjy maro hafa.

8. Aoka isika hahatsapa indrindra  
Izany tsiambaratelo lehiben'ny Mpamonjy izany,  
Fa tonga hampianatra antsika Izy  
Amin'ny alàlan'ny fahasoavana lehibe dia lehibe :  
Manantenà an'Andriamanitra tsy mivadika,  
Makà aina eo an-tratran'ny hatsarampon'ny maha  
Ray Azy,  
Tsy am-piahiana ny ampitso.


9. Fadio ny adin-tsaina  
Sy ny ahiahin'ireo manompo sampy  
Izay manao ny andrany voalohany  
Amin'ny mitia sy mikatsaka ireo harena.  
Tsy manam-pinoana na kely aza mba hahatoky,  
Mieritreritra ny ho avy izy :  
Rahampitso, hanana hosotroina ve isika,  
Hanan-kohanina, hanana izay hotafiana?

10. Aoka ianareo, miangavy aho,  
Tsy hifofo ho an'ny vatanareo,  
Satria ny fanahinareo mihoatra lavitra  
Ny vatanareo sy ny harenareo.  
Izy no nofenoiko  
Tamin'ireo hareko tsy manam-pahataperana,  
Amin'ny fomba ahoana no hanadinoako  
Ny sakafo na ny fitafiana?

11. Mba hevero re, mitalaho aminareo aho,  
Ireo vorona maro be an'alina,  
Izay tsy mba manana eo amin'ny fiainany mahantra  
Na tahiry na lava-bary.  
Ny Rainareo be fiantrana  
No manao azy tsy ho ory n'inon'inona;  
Ary ianareo indray, izay sarobidy mihoatra izany,  
No tsy ho ampy fikolokoloana ve ?

12. Ahoana hoe ! mihevitra ianareo, toy ny tompo,  
Mitombo amin'ny harena, mitombo amin'ny hatsaram-  
panahy,  
Ianareo izay tsy afaka mametraka akory  
Tapak'ahitra eo amin'ny andilanareo ?  
Manao ny zava-drehetra tsy araka ny heverina aho,  
Araka amin'ny maha olona loatra ny ezaka ataonareo  
Miankina amin'ny fahefako ny zava-drehetra  
Mihazona ny zava-drehetra eo an-tànako aho.

13. Jereo anie ny hakantony  
Ireo lisy eny an-tsaha sy ny voninkazo,  
Tao amin'ny fahefany i Salomona  
Dia tsy mba nanana hatsarana mihoatra izany.  
Raha manana izany anjara lova tsara izany izy ireny  
Kanefa tsy miasa, na manasina,  
Ianareo izay manan-danja mihoatra izany ve  
Dia tsy tokony hampitafiako ?



14. Irianareo ary ve ny fananana ny ampy,  
Fanampin'izay haren'ny nofo?  
Voalohany, ary mialoha ny rehetra,  
Katsaho ny harena tsy manam-pahataperana,  
Ny Tompo sy ny fahamarinany,  
Ny fanjakany sy ny fitiavany ;  
Mazahoa amin'ny alàlan'izany sorona izany  
Ny sakafonao isan'andro.

15. Atomboy amin'ny finoana aloha,  
Amin'ny fametrahana ao amin'Andriamanitra ny  
fiankinanareo,  
Amin'ny fikatsahana ny voninahiny madio  
Ary amin'ny fitiavana Azy irery ihany.  
Avy eo hanao ny asanareo Izy,  
Ary Izy ihany no hanome anareo  
Izay rehetra ilainareo  
Sy izay rehetra irianareo.

16. Firifiry moa ny olona fadiranovana  
Satria hafa noho izany no ataony !  
Maro ireo meloka mampalahelo,  
Izay sazan'Andriamanitra an-drariny !  
Tsy mihevitra afa-tsy ny tany izy,  
Fa Andriamanitra manozona ny asany ;  
Miantso ady Aminy ny fahotan'izy ireo,  
Ary totofana'Andriamanitra fijaliana izy.



17. Manaraha isika ilay ohatra mendrika hivavahana  
Izay omen'ny Mpamonjy antsika  
Miaraka amin'ny Reniny mahagaga,  
Sy ity fanolorana ny fo ity.  
Makà isika tahaka an'ireo apôstoly,  
Modelin'ny hatsaram-panahy,  
Sy ireo ohatra omen'ny maro hafa  
Tsy harena, tsy karama.

18. Eo amin'ity fitondran'Andriamanitra ity  
No nametrahan'ireo olomasina ny fitandremany,  
Andriamanitra amin'ny fahefany manontolo  
Namatsy azy ireo tamin'izay nilainy.  
Niaina ny androny isan'andro izy  
Tahaka ny miaramila mahery fo,  
Nosatrohina fehiloha ny lohany  
Tamin'ny fiafaran'ny adiny.

19. Minono amin'ny nono,  
An'ity reny be fitiavana izy ireo,  
Ny rononon'ilay fanahy tsy mivadika  
Sy ny sakafony isan'andro ;  
Ary mahazo, tsy amin-kasarotana akory, izy  
Ny hanina sy ny fitafiana,  
Ary ny hamamiam-piandrianana  
Amin'ny fiendahana lavorary.

20. Volotara mora simba ny olombelona,  
Izay mandeha avy eo aminy ihany hatrany amin'ny  
ambany,  
Ny olombelona dia siny tanimanga  
Izay tsy haharitra akory.  
Ho voahozona anie ireo izay mitoky amin'izany  
Hoy ny Fanahy Masina tamintsika,  
Fa sambatra kosa anie ireo miantehitra  
Amin'Andriamanitra irery amin'ny alàlan'i Jesoa Kristy  
!

21. Ilaina ny fahatokisana  
Izay napetrakareo tao amin'Andriamanitra  
Mba hiaraka amin'ny fahamalinana,  
Araka ny fotoana sy ny toerana.  
Na dia miasa aza Andriamanitra  
Ka tsy tsy manao n'inon'inona isika,  
Dia tokony hataontsika ihany izany,  
Ary hiezahana tsara.

22. Manàna isika ao amin'Andriamanitra Raintsika,  
Izay manome be tsy amim-pahataperana,  
Fahatokisana feno  
Ho amin'ny harena tsara amin'ny ankapobeny,  
Ho amin'ny famindrampo sy ny fahazavana  
Ao anatiny sy ety ivelany,  
Ary amin'izay harena ilaina  
Sy ho an'ny fanahy sy ho an'ny vatana.

23. Mitonia sy miadàna  
Ao amin'ny fikasànareo voahongana,  
Satria ny ahiahy dia mamono antoka tokoa,  
Fa Andriamanitra irery, dia ampy.  
Aza mitia afa-tsy Andriamanitra, izay tia anareo  
Sy izay tsy mandao anareo,  
Miansampaza tanteraka ao Aminy,  
Tsy amin'ahiahy sy tsy amin-kenatra.

24. Manetre-tena mandrakariva  
Eo ambany tànan'ilay Be Fahefana,  
Aoka ho tsapanareo ny fitiavany  
Sy ny fony feno fiantrana.  
Amin'ny fankasitrahana feno  
Sy fiadanana ary fanetren-tena  
No hideranareo ny Fitantanany  
Ara-panahy sy ara-pahamarinana.

25. Izany, ry fanahiko, hendre tsara isika,  
Aoka handosirantsika ity tontolo mpamitaka ity,  
Izay tsy mba manana afa-tsy ny tombontsoany  
Sy ny fitiavana ho azy manokana ao am-pony.  
Tsy misy olona mba miasa loha  
Amin'ny tombontsoan'ilay Andriamanitra tsara,  
Indrisy ! adino lzy n'aiza n'aiza,  
Na koa heverina fa kely ihany.

26. Ity fitiavana ny tany manokana ity  
Na izany fitiavan-karena loatra izany  
Dia mandrehitra ady n'aiza n'aiza  
Sy miteraka ireo faharatsiana.  
Dia tena mitera-doza re ity valifaty ity !  
Satria manamafy ny fo izy,  
Mitarika ny fanahy ho azon-tambim-bola  
Ary mandroboka azy amin'ny loza rehetra.



27. Izany tombontsoa ratsy izay tsy izy izany  
Dia tena mihanaka n'aiza n'aiza,  
Hany ka hatrany amin'ny ekleziastika aza  
Dia toa very amin'izany matetika ;  
Manafina tsilo an'arivony ao amintsika izy  
Ary voatsindrony avokoa ny fo rehetra  
Ary ny fototra voahozona  
An'ireo fahotana lehibe rehetra.

28. Avy aiza moa no ahitana ireto andraikitra maro.  
Ireto asa maro tsy feno araka no izy ?  
Nahoana maro ny tombony  
No tena noharatsiana ?  
Indrisy ! fa mpikarama matim-bola  
No niditra antokosokoko tamin'ny alàlan'ny  
fanalahidy volamena  
Mba hamenoany ny kibony ihany  
Na mba hanangonan-karena.

29. Nitanjaka ity Fiangonana ity.  
Nihanatsatso ny lokom-bolamenan'ny oteliny,  
Misokatsokatra ny rindrina mamefy azy,  
Rovitra ny firavahany,  
Mahantra sy maloto avokoa ny zava-drehetra  
Ka manohina ny fo ;  
Fa jereo avy eo ny efitra  
An'ny mpiandraikitra, na ny an'ny tompo.



30. Endrey izany tsy fahalalàna sy haratsiana  
Eo amin'ireo tambanivohitra mahantra !  
Endrey izany fahotana amin'ny tsy fahamarinana  
Ao amin'ireo madinika sy lehibe !  
Andriamanitra ô ! ahoana re ity faharisihana  
Amin'ny fitadiavana ny haren'ny nofo,  
Kanefa isika ao anatin'ny fitoredretra  
Ho an'ny famonjena mandrakizay !

31. Avy aiza ireto korontana ireto ?  
(Andriamatoa isany, azafady, miangavy anareo  
Raha milaza izany tsy araka ny filaharanareo aho)  
Amin'ny tombontsoa anareo ihany  
Mitondra sy mamezivezy anareo ny vola,  
Raha tsy misy azy dia tena mafy ianareo,  
Mitarika anareo eny rehetra eny ny fitiavan-tambiny  
Ary hatrany amin'ny halalin'ny afobe aza.

32. Ry sakaizan'Andriamanitra, aza miandry  
Mirotsaha isika ao amin'ny fandoazana  
Mba tsy hamela antsika ho lasan'ireo  
Fandriky ny demony  
Aoka isika hanary ireo haratsiana  
Mba hananana ny Fanahy Masina,  
Ny fanjakana sy ny fahamarinana  
Izay lazain'i Jesoa Kristy antsika.

33. Esory avy ao anatintsika ny toetra voajanahary  
Dia hidina ao ny famindrampo ;  
Aoka isika hankahala ny zava-drehetra,  
Dia ho tonga ao ny Tompo ;  
Aoka isika tsy hitady mihintsy ny voninahitra ho  
antsika  
Na ny fanorenana ho antsika,  
Fa ny voninahitra sy ny fandresena  
An'Andriamanintsika irery ihany.

34. Halavirontsika ireo fomba iombonana  
Amin'ny asa ho an'ny haren'ny nofo,  
Ho raisintsika ho harena ambony  
Ny fandoazana an'izao tontolo izao,  
Amin'ny fankahalàna izay tsinontsinona rehetra  
Izay manahirana ireo adala,  
Amin'ny fahafoizana ny nofinofy rehetra  
Izay mamitaka fo maro.

35. Tsy hisy anie fanantenana ao amin'ny olombelona  
Ao amin'ny sakaizantsika na ny fianakaviansika.  
Na koa fanantenana an'izao tontolo izao  
Ao amin'ireo mahery sy ireo lehibe.  
Andriamanitra Irery, Andriamanitra Irery sy ny  
famindrpony  
Ary ny asam-pamonjena.  
Na inona ho lazaina, na inona ho atao,  
Aoka izany no tanjona tokana hananantsika.

36. Ry Fitondran'Andriamanitra, miantoraka aho  
Eo amin'ny tratranao milatsa-pitia.  
Raha manilika ahy izao tontolo izao,  
Vao maika maha sambatra ahy izany ;  
Araka ny ahitako fa hafoy aho  
No hanantenako bebe kokoa ny harena,  
Ary rehefa tsy hana-namana intsony aho,  
Dia ianao manontolo no tohana ho ahy.

37. Ry zava-manan'aina mpamitaka,  
Mialà lavitra ahy ;  
Ireo fanantenanareo mandrobo  
Dia nanao lalàna tamiko loatra.  
Ny Tompo no Raiko be fitiavana,  
Jesoa no Mpamonjy ahy tsy foiko,  
Maria no Reniko be fitia ;  
Afaka hanam-pahasambarana mihoatra izany ve aho ?

38. Ny Tompo no harenako,  
Fananako sy fivelomako,  
Miankina amin'ny kitapom-bolany  
No hahavelona ahy,  
Tahaka ilay vorona eny ambony hazo,  
Izay tsy miahny ny ampitso.  
Na hanampiana na hanesorana,  
Manana ny hanina hoaniko aho isan'andro.

39. Ananako ny ampy amin'ny harena rehetra  
Ary mihoatra aza noho ny hoe raha mpanjaka aho  
Eo amin'ny fahefako ny tany,  
Satria ato amiko ny tompony.  
N'inon'inona ataon'ireo mpanam-bola,  
Dia tsy maintsy ho mpanofa ny taniko izy ireo,  
Mba hangalana izay ilaiko  
Ao amin'ny fanangonam-bolany.

40. Ry olon'ny Fiangonana sy lahika,  
Raha mankahala ny anjarako ianareo,  
Tsy tiako ny fomba fanaonareo  
Izay mitondra anareo ho any amin'ny fahafatesana.  
O ! raha mba afaka mahalala manko ianareo  
Ny fahasambarako sy ny fahorianareo,  
Amin'ireo fanananareo rehetra, tsy andrasana akory,  
No hanendahanareo ny fonareo.

41. O ry tsiambaratelon'ny Fitondran'Andriamanitra,  
O ry fanoloran-tena masina amin'Andriamanitra !  
Atao toy ny tsy fahamalinana ianareo,  
Na koa kely ihany ny fahafantarana anareo.  
Ah ! efa taona maro izay  
Dia nihazakazaka sy nitady tety aho  
Ireny fanahy nilaozana,  
Fa toa tsy mahita mihitsy aho.

42. Ry pretra, andao hanara-dia  
An'ilay Andriamanitra mahantra sy maty tamin'ny  
Lakroa,  
Satira izay no hanasany antsika ;

« Manantenà an'Andriamanitra tsy mivadika,  
Makà aina eo an-tratran'ny hatsarampon'ny  
maha Ray Azy,  
Tsy am-piahiana ny ampitso.» (C 28,8)

Aoka isika hangilan-tsofina amin'ny feony,  
Ary aza mihevitra afa-tsy ny asany,  
Mamindrà isika eo ambany fiandaniany,  
Meteza isika ho mahantra manolo-tena :  
Izany no anjara mahatalanjona indrindra.

43. Aoka isika hameri-tena ao amin'Andriamanitra, ry  
fanahiko,  
Tsy amin'ny ampahany sy ho mandrakizay.  
Miandrasa isika, na helohina aza,  
Avy amin'Andriamanitra ny famonjena rehetra ;  
Aza manana fatotra eto amin'izao tontolo izao.  
Manidîna isika tahaka ny voron-kely,  
Fa ao anatin'ny fiadanana lalina  
Sy mahantra hatrany am-pasana.

44. Inona ireo zava-mahatalanjona hotanterahintsika  
Raha toa isika ka tsy mifikitra !  
Tsy amin-kezaka sy tsy amim-piambenana akory,  
Dia hanapotika ny fahotana isika.  
Ho tonga apôstoly  
Sy olona mahagaga isika,  
Mendrika ny hampianatra ny hafa  
Sy ny hitondra azy any an-danitra.

### **ANDRIAMANITRA IRERY.**







Mirary fivahiniana miaraka amin'ilay Teny tonga nofo, ilay Emanoza,  
Mamakivaky irgo fotoana mifandimby,  
Toy ny vavolombelon'ny Vaovao Mahafaly  
ao amin'izao tontolo ankæhitryny izao.

### **MISSIONNAIRES MONFORTAINS**

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome - ITALIE  
E-mail: [rcordium@gmail.com](mailto:rcordium@gmail.com) ; <http://www.montfortian.info/amqah/>